TOBIM-PAHASALAMANA
CSB 2

FANATONAN'NY VEHIVAVY BEVOHOKA NY TOBIM-PAHASALAMANA

Ry Vehivavy bevohoka, manatòna Tobim-pahasalamana manomboka eo amin'ny faha-4-bolan'ny vohoka, in'4 misesy, hahafahanao mijery ny toe-pahasalamanao sy ny zaza ao am-bohokao.

TOMBONTSOA

- Ahafantarana ny fivoaran'ny fitondrana vohoka sy ny fanaovana fitiliana rehetra :
  - ahafantarana sao mety ho teraka tsy tonga volana ilay zaza
  - ahafantarana sao mety ho saro-piterahana ny reny ka ilàna fikarakarana mialoha
  - itiliana ny tsy fahampian-drà
- Ahazoana ody tazomoka sy pilifera
- Ahazoana vaksiny fanefitrin'ny tetanosy
- Ahazoana fanazavana momba ny fisorohana ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo sy ny VIH/Sida ary ny fitiliana ireo aretina ireo

FANAMPIM-PANAZAVANA

In'4 misesy ny fisafoana mandritry ny fitondrana vohoka ka toy izao :

- Fisafoana voalohany : feno 3 ka hatramin'ny 4 volana ny vohoka
- Fisafoana faharoa : feno 5 ka hatramin'ny 6 volana ny vohoka
- Fisafoana fahatelo : feno 7 ka hatramin'ny 8 volana ny vohoka
- Fisafoana fahaefatra : feno 9 volana ny vohoka

Fantaro fa mila fitandremana fatratra ny fitondrana vohoka. Noho izany, raha vao misy trangan-javatra hafahafa hitanao dia aza misalasala, manatòna Tobim-pahasalamana.